Tsenaben'ny fahaleovantena

19 -25 jona eo amin'ny Parvis Analakely

Fanampim-panazavana : 033 73 486 20


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 20 jona 2019 | Laharana 922 | Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Haino aman-jerim-panjakana** 2

## Toa tsy mahafehy vanim-potoana

**Rajoelina sy Kagame** 3

# Sasanangy samihafa ny momba azy ireo



**Ambasadaoron'i Frantsa sy Iles Eparses** 3

# Tsy havotsitry ny Frantsay mora foana



**FIKAMBANANA NICE-MADAGASIKARA** 5

## Mangataka ny hamelomana indray ny "Rue de Nice" eto Antananarivo




**Fanafihan-jiolahy** 6

## Vola 3000 Ar namonoana raim-pianakaviana

**Patrick Raharimanana** 2

## Mihafy ny ankizy tsy mihinan-kanina fa mividy fiara Rajoelina

**Daka kely**

Mitsitsy mitsitsy nefa toa volabe no laninareo zany ry Boaikely a !

**Parvis Analakely** 7

## Nanomboka ny Tsenaben'ny Fahaleovantena



Patrick Raharimanana

## Mihafy ny ankizy tsy mihinan-kanina fa mividy fiara Rajoelina

Hiverina ho hita etsy Mahamasina mandritra ny matso, fankalazana ny faha-59 taona niverenan'ny fahaleovantenam-pirenana sady fetin'ny foloalindahy, ireo fiara mifono vy, naseho vahoaka voalohany ny 19 janoary 2019, andro nanaovan'i Andry Rajoelina fihanianana nandraisany ny fahefana feno maha filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara vaofidim-bahoaka azy. Hisidina eny amin'io 26 jona io ihany koa ireo helikoptera sy fiaramanidina ho an'ny foloalindahy Malagasy. Nisy 4x4 zato mahery vao tonga ihany koa, nakarina eto Antananarivo nanomboka ny alahady alina sy omaly alatsinainy maraina, izay efa nampitondraina laharana amin'ny takelaka mena, voalaza fa hanampy ny fampitaovana ny foloalindahy. Misy etiketin'ny Sodiatrans, orinasa manao fitaterana an-tanety, an-dranomasina ary an' habakabaka, ireo fiara tsy mataho-dalana ireo. Tsy nambara kosa hoe : volan'ny ministera na andrimpanjakana iza no nividianana ireo fiara ireo. Amin'ny ankapobeny ny fividianana fiaram-panjakana dia mila fanomezan-dalana herintaona mialoha avy amin'ny Praiminisitra, izay vao azo alefa ny tolobidy. Raha izao izany no nivoaka tao amin'ny serantsambon'i Toamasina ireo fiara 4x4 efa zato mahery ireo, dia tany amin' ny telo volana voalohany tamin'ity taona 2019 ity no nalefa ny tolobidy mikasika izany. Izany hoe tokony ho voarakitra tao amin'ny lalàna mifehy ny tetibola (LFI) nolanian'ny depiote tamin'ny fotoampivoriana ara-potoana faharoa tamin'ny 2018, fa tsy tamin'ny tetibola nasiam-panitsiana (LFR), ary tokony ho hita ao amin'ny tranokalan'ny ARMP (Autorité de Régulation des Marchés Publics) ny tolobidy mikasika izany ; raha tsy hoe mikasika fiarovam-pirenena, ka nosokajiana ho toy ny fitaovam-piadiana ny entana. Tolobidy tamin'ny 2017 anefa no farany hita ao amin'ny tranokalan'ny ARMP. Raha ity farany no nitondrana azy dia tsy mandalo tolobidy ny fitaovam-piadiana fa afaka atao « par silence» noho izy saropady loatra ary amin'ny tranga toy izay, dia mety nanome fanomezan-dalana haingana be koa ny praiminisitra noho ny maha zava-dehibe azy sy ny hamehana. Ny lojikan'izay dia volan'ny LFI no nanafarana na nividianana ireo fiara raha zohiana amin' ny fotoana nahatongavany tao Toamasina. Raha tsy ao anaty LFI kosa dia nanao ny antsoina hoe : « aménagement de crédit » ny fanjakana, izany hoe nanalana kely ny tetibolan'ny ministera na andrimpanjakana atsy, nanampiana ny aroa nenti-nanana ny fividianana ireo fiara. Fanao ary ara-dalàna io « aménagement de crédit » io. Navela hanao « investissement » izany izay ministera na andriampanjakana nividy an'ireo fiara ireo raha toa ka nogiazana ny volan'ny ministera hafa rehetra. Izay ilay hoe : mihafy ny ankizy tsy mihinan-kanina fa mividy fiara i Dadah, na i Andry Rajoelina io araka ny filazan'ny zanany azy…



*Patrick Raharimanana, mpiserasera sady mpanao politika.*

***Helisoa***

Pr Harimalala Joseph

## Aoka samy hitandrina amin'izao fetin'ny 26 jona izao

Mahalasa saina ny maro ity trangana hala-jaza sy fahaverezana ankizy tato ho ato ity. Nanaitra mantsy ny tatitry ny mpitandro filaminana fa nanodidina ny 800 mahery ireo zaza sy ankizy nanjavona tato ho ato izay. Ny mampieritreritra hoy Pr Harimalala Joseph dia toa miha- mivoatra manaraka izany koa ny raharahampirenena, ary tsy miafina fa tena misy asan'ny maizina sy asan'ny devoly tanteraka miseho nohon'ny fitiavan-tena sy ny fitiavam-boniahitra ary ny fitiavm-pahefana diso tafahoatra ataon'ny mpitondra! Am- bara am-panetren-tena eto mantsy hoy ity mpandinika ity fa toa mampahatsiahy tamin'ny andro nitondran'i Heroda mpanjaka izao tranganjavatra miseho ankehitriny izao, dia noho ireo zaza tsy hita etsy sy eroa ireo, izay miafara any amin'ny famonoana sy fandatsahan'aina mihintsy aza. Izao mantsy no voasoratra ao amin'ny Matio 2:16 manao hoe: Ary nony efa fantatr'i Heroda fa voafitakin'ny Majy izy dia tezitra ka naniraka namono ny zazalahy rehetra hatramin'ny roa taona noho midina, izay tao Betlehema sy tamin'ny manodidina rehetra, araka ny andro izay nofotorany fatratra tamin'ny Majy, koa raha dinihana araka izao voalazan'ny soratra masina izao ary dia hita ary tsikaritra fa nihorohoro i Heroda sy ny fanjakany nohon'ny fihozongozonan'ny sezany sy ny fahefana teo aminy satria teraka ao Betlehema i Jesosy Kristy Ilay Mpanjaka ambony indrindra! Koa tsy mitovy tamin'izany ihany va ny zavatra miseho ankehitriny nohon'ny amin 'ireo hala-jaza sy ny vono olona izay miseho etsy sy eroa ireo? Mila mandinika isika vahoaka Malagasy ny amin'iza-ny, ary tokony hanara-maso tsara ireo zanantsika ireo, indrindra indrindra fa mila miambina sy mivavaka mandraka- riva ary mametraka tanteraka ireny zaza ireny eo anatrehan'i Jesosy Kristy ahafahany mi-ahy sy miaro azy ireny, satria i Jesosy Ilay Miandry ondry tsara fanahy. Eo anatrehan 'izany dia mbola manao antso avo ho anareo mpitondra ihany ny tenako, aoka mba hatsahatra tompoko izao vonoan'olona sy fanaovana an-keriny maro samihafa izao fa mahatezitra an'Andriamanitra tanteraka izany ! koa rehefa tena hita fa tsy ho vitanareo ny fitantanana sy ny fiahiana ny ondrin'Andriamanitra dia omeo ny olony izay voahosotra sy vonona hiandry sy hikarakara izany ny fiandrasana azy, dia filoha teo aloha izany. Koa sanatria ka mbola hiziriziry sy minia mampahory ny vahoakan'Andriamanitra dia aza gaga raha ho avy aminareo ny fahatezeran'Andriamanitra ka ho esoriny tsy hiandry ny ondriny intsony hianareo, ary dia ho zava-doza ny faharavanareo. Izao mantsy no voasoratra ao amin'ny bokin'i Eziekiela 34 :10 manao hoe : « Izao no lazain'i Jehovah Tompo: indro avy hamely ny mpiandry ondry aho, dia hampamoahiko ny amin'ny ondriko izy ka hesoriko tsy hiandry ny ondry intsony ; dia tsy hamahan-tena intsony ny mpiandry ondry, fa hovonjeko eo amin' ny vavany ny ondriko mba tsy ho azony hohanina intsony. Heveriko araka izany fa tandindonin'ny fahatezeran'Andriamanitra io fanafoanana ilay fanasana lehibe fanaonareo mpitondra io, isaky ny fetim-pirenena io fa tsy izany politikan'ny fitsitsiana izany satria mantsy mampametram-panotaniana ny hoe politikan'ny fitsitsiana no ataon'ny fitondram-panjakana kanefa mamoaka volabe hafa ho an'ny mpanao baolina kitra ? Raha ny fandinihako azy manokana hoy hatrany ity mpandinika ity dia vokatry ny tsy fanomezamboninahitra an'Andriamanitra tamin'ny fotoam-pianianana nataon'ny filoham-pirenena teo Mahama- sina, satria efa tany am-piandohana dia nolavina ny tenin'Andriamanitra ary nofoa- nana ny fotoambavaka. Noho izany dia isika Malagasy no tokony handinika ilay tenin'i Jesosy Kristy araka ny nambaran'i Samoela voalohany 2 :30 manao hoe : « Fa izay manome voninahitra Ahy no homeko voninahitra, ary izay manamavo Ahy no ho afa-baraka ». Ankoatra izay dia re fa hovaina tsy toy ny fanao isan-taona koa ny hetsika ao Mahamasina sy ny fisafoana ny foloalindahy, izay hatao mihilana andro raha toa ka misandratr'andro no fanaovana izany teo aloha, izay tokony ho foanana ihany koa rehefa samy ho fohanana ihany ny zava-drehetra satria toa adino ilay maha fetin'ny foloalindahy azy, ary toa efa karazan'ny tsy fanomezandanja azy ireo anie izany e ! satria ny ampahany amin'ireo mpitandro filaminana ireo rahateo efa any am-ponja no hankalaza izany fetiny izany !Ety ampamaranana dia hafatra no hatao amin'ny vahoaka mba tsy hiatrika io hetsika ao Mahamasina io fa toa efa fambara loza izao fiovan-javatra samihafa izao ka mba tsy hisian'ny zava-doza toy ireny tamin'ny andron'ny filoha Rajaonarimampianina ireny dia aoka samy ho mailo, araka ny voasoratra ao amin'ny bokin'i Joela 3:5 manao hoe : « Ary na zovy na zovy no hiantso ny anaran'i Jehovah dia ho afa-mandositra ; fa ao an-tendrimbohitra Ziona sy any Jerosalema dia hisy sisa afaka, araka izay efa voalazan'i Jehovah, ary izay antsoin'i Jehovah dia ho isan'ny afa-mandositra ». Aza adino mantsy fa misy ny tenin'Andriamanitra voasoratra ao amin'ny Jaona 3 : 19-21 manao hoe :« Ary izao no fanamelohana, fa tonga amin 'izao tontolo izao ny mazava, nefa aleon'ny olona ny maizina toy izay ny mazava satria ratsy ny asany. Fa izay rehetra manao ny ratsy dia mankahala ny mazava, fandrao hita miharihary ny asany. Fa izay ma-nao ny marina kosa dia ma- natona ny mazava mba hahasoa ny asany, fa atao amin'Andriamanitra izany. » Koa aoka samy handinika isika tompoko.

***Nangonin'i Solohery***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Haino aman-jerim-panjakana : toa tsy mahafehy vanim-potoana

Miteraka resa-be eto amin'ny firenena, indrindra eo amin'ireo haino aman-jery tsy miankina maro, ny fanapahan-kevitry noraisin'ny teo anivon'ny fanjakana, na ny Ortm, ny marina kokoa momba ny fifehezana samirery ny fampitana mivantana ny lalao baolina kitra hotanterahina any Ejipta, na ny Can 2019. Raha atao amin'ny teny mahitsy dia ataon'ny TVM sy ny RNM ampihimamba ny fampitana mivantana io lalao afrikana io. Hahasoa ny firenena ve izany ? Hiverina any amin'ny firy taona lasa isika amin'izany toe-javatra izany? Ary fanokafan-dalana hisoko hiroso mangina mankany amin'ny didy jadona ve izany? Asa, mety manomboka haka lesona amin'ny ataon'ny any Rwanda sy Russie mantsy izy ity?

Etsy ankilan'izany, hoy ny mpanara-baovao sy mpandalina, hay azo atao an'izany ihany ny serasera eto, fa rehefa amin'ny fotoana inona no tsy afaka manao izany ny fanjakana na ny haino aman-jerim-panjakana? Nisy fotoana, raha hitodika ny tany aoriana lasa tany ihany, maro ireo zavatra tsara naseho tao amin'ny fahitalavi-pirenena teo amin'ny resaka taranjam-panatanjahantena notanterahina tany ivelany tany. Nahasoa ny vahoaka tokoa ireny indrindra ny zatovo sy ny tanora Malagasy. Vetivety teo anefa, vao niseho ireto mpandraharaha hafa tsy miankina amin'ny fanjakana ireto, izay vahiny ny tompony, dia tsy nampita ireo zavatra tsara tao aminy ireny intsony ny fahitalavi-pirenena Malagasy. Rehefa nodinihina lalina ny anton'izany, dia tsikaritra fa misy kopaka isasahana amin'ny lafiny tombontsoa, ary vola mazava loatra, ny tao ambadika tao. Vokatr'izany, niara-nitontongana sy nikorosy fahana tamin'izany na ny haino aman-jerim-panjakana, na ny fanabeazana azon'ny olom-pirenena. Tsy natao ho nahagaga araka izany, raha nihen-danja tanteraka, na ny sehatry ny fanatanjahantena, na ny toetsaina eo amin'io sehatra io, sy indrindra ny teo amin'ny toe-tsaina maha olom-pirenena vanona teto amin'ny firenena. Tompon'andraikitra tanteraka amin'izany ny haino aman-jerim-panjakana na ny tompon'andraikitra tao aminy na ny fanjakana. Araka izany, amin'ny fotoana ilàna azy tsy manao ny haino aman-jerim-panjakana, fa rehefa amin'ny vanim-potoana efa misy fivoarana be ankehitriny no mandray fepetra izy. Ary ankehitriny aza, dia tsy hita soritra miezaka hamerina ireo mba tadiavin'ny sarambabem-bahoaka eo amin' ireo sehatra voaresaka teo aloha ireo sy zavatra hafa, ary efa hita ho nahasoa fahiny, ny zavatra hita sy re ao amin'ny haino aman-jerim-panjakana. Tsy hanohana be fahatany ny takian'ny fahalalahana any amin'ny firenena mandroso isika, fa mila fandanjalanjana fatratra izany, kanefa mba mila jerena tsara sy amim-pahendrena ihany izay tokony homena fahalalahana indrindra eo amin'ny sehatry ny haino aman-jery, fa tsy ny resaka vola no hatao hibahana.

***Sôh'son***


**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Andry A**

## Ny Valosoa sy hadihady

# Rajoelina sy Kagame : sasanangy samihafa ny momba azy ireo

Efa manao volon'andro fety eto Madagasikara amin'izao herinandro mialohan'ny fankalazana ny faha-59 taonan'ny « fetin'ny fahaleovantena » izao. Mandeha ny resaka fa tokony ireny fanala vita malagasy ireny no atao mirentirenty, ka tsy hividy ny kilalao isan-karazany vita avy any Sina ho an'ny zanany intsony ny ray aman-dreny. Manome hasina sy lanja ny vita gasy izany, ka tsy misy maha ratsy azy loatra, saingy tena mbola mametraka sy mandala ny soatoavina Malagasy tokoa ve ny gasy ? Na ny vidin'ny fanala vita gasy sy ireny kilalao mirehitra jiro vita sinoa ireny aza dia mifanalavitra be tokoa. Momba ny fankalazana nomanin'ny fitondrana indray dia efa iaraha-mahalala fa ny tolakandron'ny 26 jona vao hisy ny matso hataon'ny vondron-tafika isan-tokony eny Mahamasina. Eo anoloan'ny tsangambaton-dRalaimongo no hisy ny sehatra (podium), ka araka ny vaovao dia hanomboka hisy hetsika eo amin'ny faran'ity herinandro ity. Ny mampanahy ny maro anefa dia ny tsy fisian'ny fandriampahalemana ka ho sarotra ho an'ny tia ireny hetsika ankalamanjana ireny ny hijanona eny an-toerana na dia hatramin'ny fito ora hariva ihany aza. Ankoatr'izany dia rakotra kilalao isan-karazany (manège, trampoline, train,…) eny amin'ny Araben'ny Fahaleovantena. Namoaka didy ny tao amin'ny prefektiora andro vitsy lasa izay fa tsy azo atao ny mivarotra sy manapoaka tsipoapoaka (pétards) eto amin'ny tanànan'Antananarivo. Nofoanana indray anefa izany didy izany ka eny amin'ny faritra manodidina ny sekoly sy fiangonana ary toerana sasantsasany heverina ho saropady ihany no tsy azo atao ny fanapoahana tsipoapoaka. Manaporofo izany fa tsy matotra hatrany izao fitondrana izao eo amin'ny fanapahan-kevitra raisina fa mandroso-mihemotra ka atao toy ny kilalaon-jaza ny fitondrana ny Firenena. Ankoatry ny jiro maro loko mandravaka ny arabe toy ny mahazatra dia manaitra ny maro ihany koa ny fahitana ny sarin'ny filohan'ny Repoblika mihantona eny rehetra eny ary amin'ny toerana sasany miaraka amin'ny an'ny filohan'i Rwanda, Paul Kagamé. Angamba ity filohan'i Rwanda ity ihany no vahiny manan-kaja nanaiky ho avy hanatrika ny fankalazana dia izay no antony. Mety ho fanehoana amin'ity vahiny ity ihany koa, angamba, fa mamim-bahoaka Rajoelina Andry. Ny filoha frantsay moa dia efa fantatra fa amin'ny fankalazana ny faha-60 taona vao ho avy eto, raha tsy misy ny fiovàna. Iza tokoa moa i Paul Kagamé ? Araka ny fantatra dia roa ny foko any Rwanda ka maro an'isa ny Hutu ary Paul Kagamé dia foko Tutsi izay vitsy an'isa ka vao kely, efatra taona, izy sy ny fianakaviany dia nifindra monina tany Ouganda. Tany amin'ity firenena ity izy no nanangana ny antoko "Front patriotique rwandais" ka taorian'ny vono olona (genocide) tao Rwanda dia nandresy ny tafiky ny fanjakana Hutu izay nanao ity vono olona ity izy sy ny tafika natsangany. Notendren'ny parlemanta ho filohan'i Rwanda izy ny volana Aprily 2000 ary taorian'ny fandanian'ny vahoaka tany an-toerana ny Lalàmpanorenana vaovao dia lany tamin'ny fifidianana izy ny volana Aogositra 2003 (95%). Lany fanindroany ny volana Aogositra 2010 (93%) ary nahazo nirotsaka fanintelony, taorian'ny fanovana ny Lalàmpanorenana, ny taona 2017, ka lany tamin'ny salanisa 98,8%, ary hahazo hijanona eo amin'ny fitondrana hatramin'ny taona 2034. Azo lazaina fa tia tanindrazana i Paul Kagamé na ady an-trano in-droa aza no nateraky ny fidirany an-keriny tao Rwanda ary nenjehin'ny fitsarana frantsay ho atidoha tamin'ny famonoana ny filohan'i Rwanda, Juvénal Habyarimana. Betsaka koa ny fanenjehana azy noho ny tsy fanajany ny zon'olombelona sy ny tsy fisian'ny fahalalahana eo amin'ny asa fanaovan-gazety. Tsy vitsy koa ny mpitondra teo alohany manao sesitany ny tenany any ivelany. Nampandroso ara-toekaren an'i Rwanda izy ary raha tarafina ety ivelany sy ny vokapifidianana farany dia toa niravina ny adim-poko tany amin'ity firenena ity. Mifanohitra amin'izay misy any Rwanda ny toe-draharaha eto Madagasikara satria fanonganam-panjakana no niandohan'izao Repoblika IV izao. Fanenjehana ireo teo amin'ny fitondrana teo aloha no ataon'ny fanjakan-dRajoelina Andry ary mbola lavitry ny afo ny kitay raha fampihavanam-pirenena no resahina. Misarangotra amin' ny fotodrafitrasa efa nahazoan'ny fitondrana teo aloha famatsiam-bola no mba atao. Ny firenena sy ny vahoaka dia miha-mahantra ary mahazo laka ny kolikoly sy asan-dahalo. Haka tahaka ny vitan'ny hafa ve no nanasàna ity filohan'i Rwanda ity ? Raha ny làlana nodiavina sy ny traikefa anefa dia sarotra ny hino fa hitovy laharana ny firenena roa mifanasa ankehitriny. Ankoatra izany, ny filoha Andry Rajoelina dia saribakolin'ny Frantsay, tsy mamim-bahoaka fa hala-bato no nahatonga azy teo amin'ny fitondrana. Ny filoha Paul Kagame kosa anefa dia tena tsy tian'ny Frantsay satria vao tonga teo amin'ny fitondrana izy dia niala tamin'i Frantsa, ka niditra tao amin'ny fianakaviamben'ny tany miteny Anglisy, ao amin'ny Commonwealth. Ity filoha ity rehefa miresaka dia tsy miteny Frantsay mihitsy fa miteny Anglisy ka maha vaky vava hatrany ny mpanao gazety Frantsay. Arak'izany, sasangy samihafa mihitsy raha ny momba ny filoha Malagasy ankehitriny sy ny filohan'i Rwanda izay voalaza fa ho avy eto amintsika ity.

***Andry Tsiavalona***

Voka- pifidianana depiote

# Samy miandry izay holazain'ny HCC

Hatramin'ny omaly dia an-jatony ireo fitarainana voarain'ny Fitsarana Avo Momba ny Lalàm-panorenana (HCC), momba ny fifidianana solombavambahoaka farany teo. Avy amin'ny kandida sy olon-tsotra ary fikambanana pôlitika avokoa izy ireo. Teo aloha ireo fitarainana efa hatramin'ny fampielezan-kevitra toy ny fihoaram-pefy sy fampiasana fahefana sy fitaovam-panjakana, ny olana teo amin'ny lisi-pifidianana, ny hosoka sy halabato tamin'ny fifidianana, teo ihany koa ny fomba nikirakiran'ny Ce-ni ny voka-pifidianana, izay tsy nahafa-po ny kandida sy ny mpifidy. Mbola tsy nifanaraka tamin'ny vokatra ihany koa ny navoakan'ny Ceni ra-ha ny nambaran'izy ireo, ka ny Hcc no tompon-teny farany amin'ny fitarainana sy ny voka-pifidi- anana ofisialy amin'ny faran'ny volana Jona, na amin'ny fiandohan'ny volana Jolay 2019 ho avy izao. Manahy anefa ireto kandida ireto fa tsy hisy fiovana firy tamin'ny vokatra navoakan'ny Ceni ny havoakan'ny Hcc rehefa avy eo. Andrasana arak' izany izay ho valintenin'ny Hcc momba iny voka-pifidianana solombavambahoaka teto Madagasikara iny. Ho tompon'andraikitra amin' izay mety hitranga ao aorian' ny fanambarana ny voka- pifidianana ny CENI sy ny etsy Ambohidahy.

***Rajo***

Basy tsy ara-dalàna

# Tapitra anio ny famerenana izany amin'ny mpitandro filaminana

Tapitra anio 20 jona 2019 ny fe-potoana nomen'ny Fanjakana ireo rehetra mitazona basy tsy ara-dalàna, hamerina izany eny amin'ny mpitandro ny filaminana, fa tsy misy arakaraka. Dahalo maro tamin'iny Distrikan'Isandra, faritra Matsiatra Ambony iny, no nanapa-kevita namerina ireo basy tany aminy. Tombanana ho 6.000 eo ny isan'ny sivily izay manana taratasy fahazoan-dalàna hitazona fitaovam-piadiana eto Madagasikara. Betsaka amin'ireo anefa no tsy mazava hoe basy avy aiza ary karazany inona izy ireo. Ho hentitra amin'ny fampiharana lalàna ny Fanjakana ho an'izay tratra aorian'ny 20 jona, fe-potoana nanomezana famindrampo. Nanomboka tamin'ny taona 2009 nisian'ny fanonganam-panjakana notarihan'ny filoha Andry Rajoelina, no tena nahabetsaka ny fisian'ny basy tsy ara-dalàna, sy izay trafikana fitaovam-piadiana izay teto amintsika.

***Ny Valosoa***

AMBASADAORON'I FRANTSA SY ILES EPARSES

# Tsy havotsitry ny Frantsay mora foana

Nitafa tamin'ny mpanao gazety tetsy amin'ny Masoivohon'i Frantsa etsy Ambatomena omaly, ny Ambasadaoron'i Frantsa eto amintsika, Véronique Vouland Aniéni. Nahavita ny 4 taona niasany teto amintsika izy ary handao an'i Madagasikara tsy ho ela. Nifantohan' izany tafa nataony tami-n'ny mpampita vaovao izany ny jery todiky ny 4 taona niasany teto amin-tsika, sy ny akon'ny fitsidihan'ny Filoha Andry Rajoelina tany Frantsa farany teo. Fa ny tena nanontanian'ny mpanao gazety azy dia ny momba ireo Nosy manodidina an'i Madagasikara, na ireo Iles Eparses. Nambarany fa efa hajoro ny vaomiera iombonana eo amin'i Frantsa sy i Madagasikara handinika ny amin'izany hoy izy, handinika sy hijery ny vaha-olana ho amin'ny tombontsoan'ny andaniny sy ny ankilany. Mbola tsy haiko izay hihafaran'iza-ny dinika izany hoy ity diplaomaty ity. Mbola eo ampanombohana ny hijerena ny vaha-olana ny vaomiera. Izany rehetra izany no midika fa tsy hanaiky ny hamotsotra ireo Nosy manodidina ireo, homena an'i Madagasikara mora foana ny fitondrana Frantsay, nefa Nosy Malagasy ireo ary efa tamin'ny taona 1979 ny Firenena Mikambana no nanambara ny maha-antsika azy ireo, nefa mbola tsy naverina ami-ntsika izany hatramin' izao ary mbola io toa namafisin'ny Masoivohony teto amintsika io, fa mbo-la tsy ho mora ny fifampidinihana sy ny fifan- dresen-dahatra momba ireo Iles Eparses ireo. Ankoatra izany, noresahany nandritra izao valan-dresaka tamin'ny mpanao gazety izao ny momba ny anjara toerana noraisin'i Frantsa hatramin'ny tao-na 2015, namerenana an'i Madagasikara eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, sy amin'ireo fikambana-na lehibe samihafa eto amin'izao tontolo izao. Anisan'izany koa ny fitsidahan'ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina tany Frantsa, ny fitsidihan'ny filoha ankehi- triny Andry Rajoelina ta-ny amin'ny Renimalala. Nanampy an' i Madagasikara koa ry zareo amin' ny fanomezana ny toerana maha-izy azy antsika ao amin' ny Vaomie- ran'ny Ranomasimbe Indiana, na ny COI. Ankoatra izay, ny fanampiana ny firenentsika ho amin'ny fampandrosoana, fikambanana Frantsay, sy sampandraharaha Frantsay ma-ro no misahana izany toy ny: AFD, ny IRD, ny CIRD, ny France Volontaire à Madagasikara, ny Institut Pasteur,… Teo koa ny fanampiana eo amin'ny resaka fahaiza-mitanta-na toy ny ady amin'ny kolikoly, ny fanampiana teo amin'ny fiatrehan'i Madagasikara fifidianana. Momba izay fifidianana teto amintsika izay, naneho ny fahamatorany ny Malagasy hoy izy. Eo amin'ny sehatry ny fandraharahana, liana hampiasa vola aty Madagasikara ny mpandraharaha Frantsay, ny mampiahiahy azy ireo anefa hoy Ramatoa Véronique Vou- land dia ny fiarovana izay fampiasam-bola hataony aty izay, mbola tsy tena milamina koa hoy izy ny tontolon'ny fandraharahana eto amintsika. Mikasika ny fifandraisa-na amin'ireo vondrom-bahoakamparitra toy ny Kaominina, nambarany fa misy isan-taona ny vola natokana ho azy ireo mitentinta 10 tapitrisa Eu-ros, izany fiaraha-miasa izany hoy izy dia maharitra ary miantraika mivantana amin'ny mponina eny ifotony toy ny misy eto amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Momba ny fankalazana ny fetim-pirenena Malagasy amin'ny 26 jona, hisy ny tafika Frantsay handray anjara amin' ny matso etsy Mahamasina dia ireo tafika Frantsay atsy amin'ny Nosy La Réunion, avy amin'ny FAZSOI.

***Isambilo***

## TONONKALO

## RY MIARAMILA

Nanondrana foana ianareo tao ho ao,
Fa dia inona marina no anton'izao ?
Sa ny "saosy" no kely tsy mahatody volana
Ka ny mangalatra no vahaolana?

Nanondrana foana ianareo tao ho ao.
Fanolanana indray izao no atao kilalao?
Efa niova dia niova ny fialamboly,
Ka dia manatevina ny asan-devoly?

Nanondrana foana ianareo tao ho ao,
F'efa tena manao izay tsy tokony hatao.
Sa ireo olo-mitarika no tsy modely
Ka any amin'ny tsy izy no alehan'ny kely ?

Nanondrana foana ianareo tao ho ao.
Iza indray ilay anaranareo vaovao?
Sa 'nareo ilay dahalo mpampandry ny tany,
Ka dia maka an-keriny ho tambin'izany?

Nanondrana foana ianareo tao ho ao .
Fa dia nahoana marina re mba lazao?
Sao ny sefo mpitarika anareo ihany
No tena "atidoha" mahatonga izany?

Nanondrana foana ianao tao ho ao.
Moa tsy ananareo intsony ny kalitao,
F'efa tena andevozin'ny vola tanteraka
Sy efa sokajin'ny olo-miveraka?

***DADAN`i ZINA (18-06-19)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fivorian'ny CUA, UCTU, FMA ary ny Filohan'ny Koperativa tetsy Ambodivona.





Ny Tsenan'ny Fahaleovantena eo amin'ny Parvis Analakely.






Ny filohan'ny fikambanana Nice-Madagascar nihaona tamin'ny tompon'andraikitra ao amin'ny CUA.






Ny fanadiovana noho ny Fetim-pirenena nataon'ny CUA.





## NY TENY FIAINANA

*Ary aza mba mety hatao hoe mpitarika hianareo; fa iray ihany no Mpitarika anareo, dia Kristy.*

***Matio 23:10***

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

# Ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa : TIM ary tsy hamadika ny TIM



**Penjy Randrianarisoa :** aza lany andro manenjika ahy, ho namadika Palitao tompoko, fa harary fo eo ianareo. TIM no nahalany ahy ho ben'ny tanàna, ary mbola mijanona ho TIM aho. Mbola hilatsaka amin'ny anaran'ny antoko TIM aho, fa ho menatra eo anie ny hiafaranareo mpamafy lainga isan'andro vaky io e.

**Ramamonjiarisoa Nicette :** fa inona koa ty fanenjehandava anareo TIM ty eee???

**Vola Razah :** zay maka anao foana Mr Le Maire, fa aza mataotra e !

**Fy Ihany No Raharijaona :** ny mpanenjika any afara rahalahy a, ary matoa misy manenjika d mety zany ny atao, raha tsy misy mpanenjika vao mila mametraka fanontanina oe misy inona ????

**Andrianjakarivony Tatiana :** ny mpanenjika tjrs afara.. Efa tsy mahataitra antsika zany fa natao nahabotrabotra aza mr le Maire Penjy Randrianarisoa aa...courage ee!

**Hoby Randrianarisoa :** izahay manohana anao hatraminy farany.courage foana!

**N'ah Ida Ramanana :** courage namana a!!! En fin ho menatra n mpanenjika e!!!!

**AriSafidy :** marina mihitsy zany Mr le Maire a!!Zahay manohana anao hatrany, avelao zareo ho reraka hanenjika eo fa tohizo ny lalanao e!!

**Bako Ranaivoson :** zay maka anao foana!

**Hermano Ny Aina :** mankasitraka Mr Penjy Randrianarisoa ..... Manohana ny asa vitanao aho Mr le Maire.... tohizo ny fampandrosoana, mila tokanana miaraka amin'ny Filoha Marc Ravalomanana izany ny zava-bita fa tsy miaraka amin'ny Foza a!

**Aritsimba Randrianarisoa :** ny asa vitanao no mbola hametrahanay ny fitokisana aminao fa tsy ny maha-TIM anao velively akory monsieur le maire Penjy Randrianarisoa.

**Gilda Rakotonarivo:** aza mirotsaka amin'ny anaran'ny TIM ary raha ho lany eo ianao.

**Gasy Manja Mbolamasoandro :** ny resak tiny ambara eto d mis milaz iz fa mpamadik palitao, ef niova loko politika haf. d zay ftsn no hamafisiny le ol manely tsaho.

**Tsitohery Francesca Andriamampionona :** alefa mise le maire a !

**Amanda Wendy :** za manohana anao hatra@ farany Meur le Maire a! Tinay ety ivato ianao.

**Victorine Ravaonasolo :** zany mintsy e !!!zay mianakavy tsy miala @ Penjy Randrianarisoa fa io no nanamboatra ny lalana taty aminay e!

**Andry Randrianasolo :** mankasitraka indrindra tompoko , Mr Penjy Forever !

**Radrasanafloridesarah Floridendrasana :** Courage Mr le Mr fa fomban'ireo tsy mahita io efa vita vaccin @ izany isika . Positive ntsika foana ireny vavany panejika ireny fa mijoro sy manohy ny lalana foana isika . Fantany panejika fa mahavita isika dia azony @adalany fa mivavaha ho an'ireo manejika" Valio @ soa ny ratsy " fa isika tsy maintsy mandresy e! Tsy azony adalainy isika ary enjehiny fa tsy mety tratrany dia ny fanaratsihana sy manely tsaho no ataony. Tadidio fa i Jesoa Kristy tompo zanak' Andriamanitra Marina aza sahin' olombelona nenjehina sy novonoiny ka valio @ soa ny ratsy. Courage!

**Fernand Cello :** Me le Maire courage !

**BebyHanitra Rajaonah :** aza eritreretina akory ireny Mr le Maire a! Zay le hoe ny mpanenjika tjrs afara, azy ny azy.Courage !!

**Rajaonarivony Andry Nirina :** izahay Ary mbola tsy nahita izany fanenjehina izany tato anaty FB- ko . Raha mbola hirotsaka izy ka tsy amin'ny anaran'ny TIM, tsy ho lany eo izany, Ravalo aza resy tany tamin'ny Présidentiel ko !

**Bakoliarisoa Andriamiseza :** dia gaga za ry Penjy. misy olona mahita volana alohany biby.

**Zoly Fitia :** za ko lo mbol ts nahita fanaratsiana tamin'ny FB zany e!

**Rado Rafalimanana Andriamanohisoa :** Mr le Maire ve vahiny@izany e?mila mailo ianao zany fa mety ho anisany angalarin'olona n vatonao a!vavahadin'i Madagasikara mantsy iny misy anao iny.courage foana e!

### CUA, UCTU, FMA, FILOHANA KAOPERATIVA MPITATITRA

# Hampitomboina ny tranoeva ho fandraisana fitarainana momba ny mpitatitra

Nisy ny fampiantsoana fivoriana izay nataon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), avy ao amin'ny Departemanta misahana ny fitaterana sy ny Fifamezivezena an-dRenivohitra (DTMU), an'ireo lehibena kaoperativa rehetra eto an-dRenivohitra ny talata maraina teo, tetsy amin'ny efitrano Lehibe "RANJATIANA"Enceinte Cotisse Ambodivona ". Nitarika izany fivoriana izany ny Talen'ny DTMU Raveloson Landy , ny Filohan'ny FMA Randrianarisoa Jean Arilanto, sy ny Filohan'ny UCTU Randrianatoandro Lovasoa . Ny anton'ny fihaonana dia mahakasika ny fiaraha-miasa sy fanatsarana izay fiaraha-miasa izay ary tatitra ny asa, eo amin'ny vondrona sy ny CUA ary koperativa. Voaresaka tao ny jery todika ny zavatra vita izay niarahana teo amin'ny vondrona sy ny CUA ary ny filohan'ny Kaoperativa mahakasika ny fiarahamiasa , araka ny tohin'ny tomban'ezaka nandritra ny efa-bolana, ny fanaovana ny "contre visite" tetsy Antsakaviro. Nisy ny tatitra sy ny lisitra izay nomen'ny CUA an' ny Lehiben'ny Kaoperativa tsirairay an'ireo fiara ao aminy, izay tonga nanao "contre visite" teny Antsakaviro . Mitohy ny fanatanterahana ny asa amin'ny fanatsarana



*Ny fivorian'ny mpitatitra sy ny CUA tetsy Ankorondrano.*

ny fifamoivoizana toy ny: fanamboarana ny "Refuge, Arrêt Bus, fananganana tranoeva mba handraisana ireo fitarainana amin'ny lesoka rehetra eo amin'ny mpitatitra. Marihana fa eny amin'ny 67ha sy Ankatso dia efa misy izany ary ho velomina koa ny etsy Ambohijatovo ary hiitatra tsikelikely. Nanambara ny talen'ny CUA fa izay fiara ao anatin'ny lisitra manao contre visite, izay nomen'ny CUA ihany no tokony hisy famantarana ety ivelany. Fanentanana amin'ny fanarahana antsakany sy andavany ny "cahier de charge" ho an'ireo voakasika rehetra. Nampahafantarina fa misy ny "base de donnée", na antontan-kevitra sy ny porofo an-taratasy mikasika ireo fiara nandalo nanao "contre visite". Tokony hanentana ny filohan'ny kaoperativa amin'ny fanentanana ny fiara amin'ny fanaovana contre visite sy ny ara-dalàna. Teo koa ny soso-kevitra maro samihafa teo amin'ny kaoperativa sy ny vondrona: ny fangatahana ny famerenana ireo badge eo amin'ny mpamily sy ny mpanampy ary ny fanafainganana ny asa miaraka amin'ny CUA. Hisy koa ny fivoriana izay hatao miaraka amin'ny vondrona sy ny kaoperativa, ny CUA ary ny polisy nasionaly sy ny polisy monisipaly, mahakasika ny fisavana ny taratasin'ny fiara, araka ny fangatahana izay nataon'ny kaoperativa. Ny fanaovana ny LICENCE hatao mitovy loko. Ny fanovana ny "Autocolant" izay apetaka amin'ny fiara. Nisy ihany koa ny fanambarana izay nataon'ny vondrona UCTU sy ny FMA ho an'ireo filohan'ny kaoperativa: Nandritra ny 3 volana lasa teo dia 24 ny fitarainana teo amin'ireo lesoka nataon'ny kaoperativa tsy manara-dalàna, ka ny zotra mirindra 163 no tena ahitana fitarainana betsaka indrindra avy ao amin'ny vondrona FMA.

***Aly***

### Fikambanana Nice - Madagasikara

# Mangataka ny hamelomana indray ny "Rue de Nice" eto Antananarivo

Mangataka ny hamelomana indray ny lalana Nice, na ny "Rue de Nice" eto Antananarivo Renivohitra, ny fikambanana Nice- Madagasikara, sy ny Kaominina any Nice Frantsa. Nihaona tamin'ny mpitarika ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), nahitana ny lefitra voalohan'ny ben'ny tanàna Olivier Randrianarisoa, sy ny sekretera jeneralin'ny kaominina Guy Rivo Randrianarisoa omaly, ny filohan'ity fikambanana avy any Frantsa ity, Robert Verdoïa. Teo Tsaralalana no nisy ny "lalana Nice" tany aloha, ary angatahan'izy ireo amin'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana ny hisian'ny "Rue de Nice" indray eto andrenivohitra amin'ny toerana hafa, efa an-dalana ny hahazoan'izy ireo izany anaran-dalana izany satria hampandalovina




*Ny fihaonana teo amin'ny avy any Nice, sy ny avy amin'ny CUA tetsy amin'ny Lapan'ny Tanàna Analakely.*

amin'ny Filan-kevitry ny Kaominina ato ho ato izany. Nambaran'ity filohan' ny fikambanana Nice-Madagasikara ity, fa efa hatramin'ny 15 janoary 1962 no tanàna mpirahavavy ny tanànan'i Nice sy Antananarivo ary tsy nitsahatra niroborobo izay maha- tanàna mpirahavavy ny andaniny sy ny ankilany izay. Noho izay antony izay, vonona handray mpiofana mpiasan'ny CUA ny any Nice, sy fiofanana ihany koa ho an'ny tanora Malagasy amin'ny sehatra hafa, sy amin'ny sokajim-piofanana samy hafa. Raha vao azo hoy ny filoha Robert Verdoïa ny Rue de Nice vaovao, hisy avy hatrany ny fihaonana eo amin'Andriamatoa ben' ny tanànan'i Nice sy ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, ho fanamafisana indray ny fiarahamiasa sy ny maha-tanàna mpirahavavy ny tanàna roa tonta.

***Isambilo***

BORIBORITANY FAHADIMY (CUA)

## Nanohy ny fanadiovana ny tanàna sy fisokirana tatatra

Mitohy hatrany ny asa fanadiovana ny tanàna tanterahin'ny Boriboritany fahadimy, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Ka niara-nientana nanatanteraka izany ireo mpanadio avy ao amin'ny Lapan'ny tanàna sy ireo ekipa teknika avy eo anivon'ny Boriboritany.



Ny fanadiovana nataon'ny Boriboritany faha-5.

Niainga teny amin'ny Pulman Ivandry, ka hatreny amin'ny Artec Alarobia ny fanadiovana ny sisin'ny arabe, ary tatatra teny Amboditsiry, ka hatreny Andranobevava kosa no nosokirina.

Izao asa izao no natao dia mba hitandroana hatrany ny fahadiovan'ny tanàna ary hanatanterahana ny vinan-dRamatoa Ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra Lalao Ravalomanana : « Antananarivo soa iombonan'ny Malagasy ».

***Aly***

Doctorat ao amin'ny UCM Ambatoroka

## Antotan-taratasy no anivanana ireo manana Master

« Amin'ny alalan'ny fifantenana antontan-taratasy fa tsy misy fifaninanana ny fidirana haka ny diplaoma « doctorat » ao amin'ny UCM, na Université Catholique de Madagascar», hoy ny Révérend Arsène Jaona Ramahalefitra, Presbitera Anglikanina, izay tomponandraikitra lefitra ny " Ecole doctorale" ao amin' ny UCM Ambatoroka. Araka ny fanohizan'ny fanazavan'ity mpitondra fivavahana ity hatrany, nanoloana ny mpanao gazety, ny faran'ny herinandro teo, 2.400.000 Ar isan-taona ny saram-pianarana ary maharitra telo taona ho an'ny fianarana ny fitantanana fiarahamonina, fa 4 taona kosa ho an'ny mpianatra taranjan'ny fiangonana tahaka ny filôzôfia sy ny teolojia. Mavesatra izany mari-bola izany ho an'ny ankamaroan'ny olom-pirenena, kanefa raha mitaha amin'ireo sekoly ambony manomana doktorà amin'ny tsy miankina dia izy no ambany indrindra. Araka ny fanadihadiana nataon'ny mpanao gazety, vitsy ny Oniverite tsy miankina no manana "école doctorale"; ny ankamaroan'izy ireny aza avo 3 heny, ka hatramin' ny folo heny ny sarampianarana miaraka amin' ireo karazana fitadiavambola hafa maro, raha mitaha amin'ity Oniversiten'ny Fivondronamben' ny Evekan'i Madagasikara ity. Misy tetibolan'ny Vatican koa nentina nanaingana azy io. 4 taona izay no nijoroan'ny Ecole Doctorale ho an'Ambatoroka ary ahitana sampam-pikarohana dimy : "Droit et Science politique, Population et Développement, Économie, Management, Formation Ecclésiastique". Ankehitriny, manodidina ny 100 ny fitambaran'ireo mpianatra "doctorants" manaraka ny fiofanana ao amin'ity Sekoly ambaratonga ambon'ny EKAR ity. Nohamafisin'ny Profesora Jeannot Ramiaramanana, tomponandraikitra voalohany ny Sekoly doktoraly, tamin'ny tafa ho an'ny mpanao gazety ny faran'ny herinandro teo fa misokatra ho an'ny rehetra manana diplaoma "Master" nivoaka avy amin'ny sekoly ara-dalàna eken'ny Fanjakana ny École Doctorale UCM. Ny 5 sy 6 ary ny 7 Jona lasa teo tokoa mantsy no nanatanteraka varavarana misokatra "Doctoriale" andiany voalohany nokarakarain'izy ireo. Telo andro izay nahafahan'ny École Doctorale UCM nihaona tamin'ireo "doctorants" sy ny mpiara-miombon' antoka siantifika rehetra izany, toy ny Sekoly ambaratonga ambony maromaro mpiara-miasa ao Frantsa. Nandritra io hetsika hateloana io, nisy ny fampahafantarana ny Sekoly Doctorale UCM tamin'ny alalan'ny fanehoana an-tsary entina manazava amin'ny olona ny fomba fikarohana ataon'ny "doctorants". Nisy ihany koa ny ady hevitra momba ny fikarohana natao tamin'izany. "Tanjona ny ahafahana mampihàtra sy mifampizara ny fikarohana, fa indrindra ihany koa ny ampahafantarana ny olona ny fisian'ny Sekoly Doctorale ary ny fiaraha-miasa azo tanterahina ahafahana mampiroborobo ny fikarohana eto Madagasikara", hoy i Sylviane Vololoniaina mpianatra taona fahatelo amin'ny sampam-pikarohana Population et Développement eo anivon'ny UCM Ambatoroka..

***Serge***

Herinandron'ny FMBM

## Hifarana amin'ny Zoma izao

Tanterahina etsy Antaninarenina ny herinandron' ny baiboly izay karakarain'ny Fikambanana Mampiely Baiboly Malagasy (FMBM). Ahitana tranoeva maro eny antoerana ary ahitana ireo karazam-boky samihafa ho an'ny ankizy sy ny olon-dehibe ihany koa. Misy ny fihenam-bidy atolotry ny Fmbm amin' ity indray mitoraka ity, ary tsy ny etsy Antaninarenina ihany, fa hatrany amin'ny faritany ihany koa. Ny Talata lasa teo no nanomboka ity herinandron'ny baiboly ity ary ny Zoma ho avy izao no hifarana. Tafiditra amin'ny faha-184 taona nanotana ny baiboly ary faha-54 taonan'ny Fmbm ihany koa izy io. Omaly dia nisy ny hetsika notanterahin'ny Zazakanto ary ny Zoma famaranana dia hiragasy hotanterahin'ny avy amin'ny Fjkm Ambohipo. Mbola manentana hatrany ny rehetra tsy ankanavaka ny Fmbm mba ho tonga eny Antaninarenina satria zava-dehibe loatra ity herinandron'ny baiboly ity.

***Rajo***

**SARIITATRA :** *Efa niova misy sarin'olona ny sainam-pirenena*




Vehivavy tratry ny lafika

## Taovan-kena sy lomotra no nivoaka taminy

Ela ny ela ka niaiky ity vehivavy ity fa raha tsy teny Ivato dia saika maty, na narian'ny havany mihitsy. Toy izao mantsy no fandehan'ny tantara : vao nivady izy roa avy any Antsirabe ireto dia lahikely no zaza iriany. Dimy volana anefa dia nitoe-jaza ilay ramatoa ary nieritreritra izy mivady fa zaza tokoa io. Nahagaga anefa fa feno sivy volana ka tsy hita izay zaza teo. Nikoropaka izy roa ka nanatona mpampivelona mihitsy. Vao notsapain'ity mpampivelona ity anefa dia nilaza izy fa tsy zaza io fa zavatra hafa. Teo vao nikoropaka izy mivady ka nanatona mpitsabo hafa. Tsy nisy nahafantatra mihitsy anefa hoe inona ity tao anaty kibo ity fa tsy maintsy niantso an'i Jessica **033 87 395 41** mpitsabo eny Mandrosoa Ivato ity ramatoa ity. Teo vao fantatra fa nisy namosavy izy ary efa ela io zavatra io, fa izao vao fantatra. Notrorin'ity mpitsabo ity ilay ramatoa ary teo noho eo ihany dia nivoaka zavatra hafa ary toy ny taovan-kena miharo lomotra izany no nivoaka taminy. Tsy vitan'izany, fa vao nisotro ilay rano manokana ihany koa izy dia saika safotra ary afaka dimy minitra vao nahazo aina. Nanomboka teo dia maivamaivana izy ary mbola nanohy ny fisotroana ilay rano ihany. Vao tonga tany antrano anefa izy mivady dia nilaza ilay ramatoa fa sitrana satria saika ny ainy mihitsy no nafoy raha tsy afaka tao io zavatra io. Sitrana soa amantsara izy ary roa volana taorian'izay dia nitoe-jaza indray, ka raha vao nohamarinina teny amin'ny mpampivelona dia io vao tena zaza tokoa. Tohizo ny fisafoana hoy izy ary aza kivy fa tsy maintsy ho teraka ianao. Niaiky izy mivady ireto fa raha tsy nanatona teny amin'ity mpitsabo ity dia na narian'ny fianakaviana, na maty mihitsy. Olom-pantatra moa no nanoro azy ny nomeraon'ity mpitsabo ity, ka nahazoany fahasoavana toy izao.

***Namana***

Fanafihan-jiolahy

## Vola 3000 Ar namonoana raim-pianakaviana

Efa tsy mifadi-trovana intsony ny jiolahy amin'izao fotoana satria vola 3000 Ariary monja dia handatsahana ain'olona. Maty tsy tra-drano vokatry ny tifitra nataon'ireo jiolahy mpanakan-dalana teo amin'ny handriny mantsy ny raim-pianakaviana iray nikasa ny hamonjy tsena tao amin'ny kaominina ambanivohitra Miandrarivo, distrikan'i Faratsiho omaly. Somary efa taraiky ireo olona mpamonjy tsena izay matetika miara-dia, noho ny tahotra ny lalana izay mangina izy mivady ireto tamin'io, ka raha ny filazan'ny loharom-baovao dia tokony ho tamin'ny 10 ora maraina izy ireo no nandalo teo amin'ilay lalana izay sady ratsy no mangina. Mora foana no nanakanan'ireo olon-dratsy ny moto nentin'izy mivady, ka raha vao tafajanona dia notakiany vola. Tsy nanana hafa-tsy vola 3000 ariary anefa izy ireo ka tezitra ireo olon-dratsy ary dia io tsy nananany antra fa avy hatrany dia notifiriny io ilay raim-pianakaviana. Mpitondra sarety avy any atsinanana no nahita ilay ramatoa votondranomaso niambina ny fatim-badiny teo amin'ilay toerana nisehoan'ny loza, ka izy ireo no nitondra ny razana teo amin'ny tanàna akaiky indrindra. Mitaintaina fatratra noho ny hafitsok'ireo jiolahy ireo mpivarotra mpitety tsena sy ireo mpanangom-bokatra amin'iny faritr'i Miandrarivo iny, ka miantso ireo tompon'nadraikitra mba hijery akaiky ny raharaha, indrindra amin'izao vanim-potoana fiakaran'ny vokatra izao, ka maha-lasibatra ny mpivarobokatra sy ny mpanangona izao. Azo lazaina fa mirongatra indray ny tsy fandriampahalemana any ambanivohitra amin'izao fotoana ary tsy mitsitsy mihitsy ireo jiolahy.

***Lezama***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**15/06/19 hatramin'ny 22/06/19**

- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42
- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04/032 62 794 60
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85
- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/020 26 040 08/034 40 800 13

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 922-06-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

TSENABEN'NY FAHALEOVANTENA

# Nanomboka omaly ka hatramin'ny 25 jona etsy amin'ny Parvis Analakely

Nanomboka omaly ny Tsenaben'ny Fahaleovantena andiany faha 4, izay karakarain'ny GLOBAL EVENTS ao amin'ny PARVIS ny Hotel de Ville Analakely, ka tsy hifarana raha tsy amin'ny 25 jona ho avy izao . Hiavaka hoy ny mpikaraka-ra, Njaka Andrianasolo ny Tsenaben' ny Fahaleovantena amin' ity indray mitoraka ity , satria ho hita ao avokoa ny entana maro isan-karazany, izay ilaina amin'ny fiainana andavanandro-n'ny mponina toy ny kojakoja ao an-tokatrano, fitafiana isan-karazany, ny fanafody fitsaboana ara- voajanahary, sakafo sy tsakitsaky samihafa, ny kilalao ho an'ny ankizy amin' ny maha-iray volan'ny ankizy ity volana ity sy fanamarihana ny fetim-pirenena koa ho an'ny kilon- ga, sns….Tsy misy ny vidimpidirana ary samy ho afapo ny mpanjifa amin'ny fisian'ny fihenam-bidy maro isan-karazany ma-ndritra izao tse- nabe izao. Nankasitraka ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny Global Event nanome ny toerana ary ny Prefektioran'ny polisin'Antanana- rivo nanome alalana ahafahana manao izao hetsika izao.

***Helisoa***

Fanajana ny "DECRET MECIE"

## Hentitra amin'ny fanaraha-maso ny Bokin'andraikitra ny fanjakana

Taorian'ny fitarainan'ny mponina mipetraka manodidina ny Orinasa iray mamoaka loto, tsy manaja ny tontolo iainana eto amin'ny tanànan'Antsirabe dia efa nisy ny fidinana ifotony nataon'ireo tompon'andraikitra ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana maharitra teto Vakinankaratra. Raha nahafantatra izany ny tany amin'ny fanjakana foibe dia nandefa tompon'andraikitra hitafa sy hidinika amin'ireo orinasa lehibe eto Antsirabe sy ny manodidina. Ny herinandro teo, tao amin'ny efitrano fivorian'ny Faritra Vakinankaratra dia notanterahana ny dinik'asa sy fampahatsiahivana izay raiketin'ny "Decret Mécie". Nitarika izao dinidinika izao ny mpanolotsaina manokan'ny Minisitry ny Tontolo iainana sy ny fampandrosoana maharitra, ny tale jeneraly eo anivon'ny Ofisim-pirenena ho an'ny Tontolo iainana, na ny ONE "Office nationale pour l'Environemment", AMPILAHY Laurent, teo ihany koa ireo tale jeneraly avy ao amin'ny Ministeran'ny Tontolo iainana ary ny Indostria sy ny varotra ary ny asa tanana. Teto ary dia nanome toky ireo tompon'andraikitra avy amin' ny Orinasa fa hanao ezaka amin'ny fanadiovana hatramin'ny 26 jona izao. Etsy andaniny kosa ny fanjakana dia hanara-maso akaiky izay voarakitra ao anatin'ny bokin'andraikitry ny Orinasa tsirairay. Ireo OPJ na ny "officier de Police Judiciaire Environnemental", na polisin'ny Tontolo iainana dia manamahefa amin' ny fandraisana sy ny fanadihadihana ity fandotoana ny tontolo avy amin'ny orinasa ity.

***Solohery***

Sahofika

# Ho riandrano hamatsy herin'aratra amin'ny taona 2024


Tombony ho an'ny Distrikan' Antanifotsy, kaominina Belanitra, Fokontany Fisoronana ny tetik'asan'ny filoham-pirenena "Sahofika", karakarain'ny Minisiteran'ny Angôvo, fiaraha-miasa amin'ny EIFFAGE, THEMIS ary ERANOVE. Haharitra 4 taona ny fametrahana izany, ny 2020 ka hatra- min'ny 2024, ny banky afrikanina ho an'ny fampandrosoana no mpamatsy vola, ka mitentina 2 hatramin'ny 2,5 tapitrisa Euros ny tetibola amin' izany. Tanjon'izao fametrahana tetik'asa izao ny hanenana ny famatsiana herinaratra sy hamatsiana herinaratra eny amin'ny tontolo ambanivohitra. Barazy hamokatra herinaratra 225000 V no vina ary hisy koa fanorenana barazy kely hamatsiana herinaratra ireo tanàna manodidina. Nisy ny fidinana ifotony nijeren'ny "agents de liaison communautaire" (ALC) ny toerana sy nakana ny hevitry ny mponina ao amin'ilay toerana voakasika. Marihina fa 1,005ha ny toerana voakasika ka hafindra monina, fiangonana 3, fasana 14 ary 6 toerana manan-kasina. Hisy tohana ara-bola sy tohana ara-kevitra, fanoloana ny toerana sy voly. Hojerena manokana ihany koa ireo zaza latsaky ny 3 taona sy ireo be antitra aloha, mandritra ary aorian'ny famindrana. Nandritra ny dinidinika no nandrosoana ireto sosokevitra ireto: ny fanamboaran-dalana Antanifotsy-Belanitra, ny fanamboarana ireo fotodrafitrasa voakasika, ny fanome- zana karatany faobe, ny fametrahana barazy ho an'ireo fiara mitondra vokatra. Tontosa tamin'ity herinandro ity atrikasa NEHO (Nouvelle Energie Hydroélectrique de l'ONIVE) na Angovo Vaovao mamokatra herinaratra ao amin'ny renirano Onive, notarihin'i RA- SOLOARISON Vonjy ONG Zina sy Johann PLESS mpandrindra nasionaly ny fitantanana ny toeram-pamokarana herinaratra Sahofika ary ireo mpiara-miasa aminy. Ny alarobia teo moa no nandrafetana ireo sosokevitra mahakasika ny fanatanterahana ity tetikasa Angovo Vaovao mamokatra herinaratra ao amin'ny renirano Onive ity.

***Lezama***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 284**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0283)


***Mitsivalana***

- Vetivety
- Vola (Miv) – Tra
- Valosoa
- Eto – No
- Tsiro
- Torana
- Ila – Aina

***Mitsangana***

- Tale (Miv) – Lo (Miv)
- Tolotra
- Ivo – Sa
- Saina
- Eto – Ray
- Trano
- Ia – Rà

### TENY MIFANAPAKA N° 284



**Mitsivalana**

**1.** Fefy tsy azo oharina – Gasikara **2.** Fitaovana fakàna rano – Ao anaty vava (BR) **3.** Isa omena – Matoanteny **4.** Anio **5.** Arehitra – Renintsoratra tsy mitovy **6.** Iry, tia – Fitaovan'ny mpanjono (Miv) **7.** Namonjena **8.** Tsy takatra – Fahita lavitra **9.** Faran-teny – Teny malahelo **10.** Milaza fananana – Karazan-damba

**Mitsangana**

**A.** Fifaninana an-tsoratra **B.** Nampirimina tsara (Miv) **D.** Firariantsoa omen'ny Mpitandrina **E.** Foana tanteraka – Mpanondro **F.** Nalatsaka aina (Miv) **G.** Ajanona – Dokotera **H.** Ao amin'ny rano – Avereno amin'ny tompony **I.** Zokiolona, be taona – Tsirin-teny Mpifanao **J.** Fia – Hita @ akoholahy **K.** Sakafo maivana (Miv) – Todika

### Valiny Teny mifanaraka 0283

**Mitsivalana**

1 Propagandy **2.** Vilia (Miv) - Nay **3.** Osy - Maha (Miv) **4.** Namorona **5.** Alaina **6.** Ome - H **7.** Tily - Diavy **8.** Ozona - No (Miv) **9.** Analamanga (Miv) **10.** Hao - Mino

**Mitsangana**

**A.** Paingotra **B.** Ry - Mi - GH **D.** Olombelona **E.** Piso - Izao **F.** Hariva (Miv) - OM **G.** Mandala (Miv) **H.** Anana - Ilay (Miv) **I.** Nahaino - An **J.** Dia - Vono **K.** Miarina

Commune Urbaine d'Antananarivo

# FAMPAHAFANTARANA

«Antananarivo Renivohitra, soa iombonan'ny Malagasy»




## NY FIADIDIANA NY TANÀNAN'ANTANANARIVO DIA MAMPAHAFANTATRA FA :

**tsy marina velively ary tsy misy na dia fiheverana hamoaka didy vaovao mahakasika ny Taxi, ny Kaominina, araka izay voasoratra ao amin'ilay antso nataon-Rtoa Clémence RAHARINIRINA Filohan'ny FTAR.**

**Noho izany, ny Kaominina dia miantso hatrany ny rehetra ho tony sy hilamina, indrindra amin'izao ankatoky ny asaramanitra fankalazana ny fetim-pirenena izao.**

www.facebook.com/Cserasera/